**FJKM AMBATOTOKANA FITIAVANA**
**ZANAKA AMPIELEZANA**
**FIZAFA**

FIANGONANA KRISTIANA MALAGASY eto SOISA
Sy MANODIDINA
F K M S M

ANTONY : Fangatahana fanampiana.

'' ......*Koa mahereza sy mahatanjaha, aza matahotra sy mivadi-po fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao* '' Josoa I [9].

Ry Havana,

Ampifaliana no iarahabàna Anareo amin'ny anaran'ny Tompo. Andriamanitry, ny fiadanana anie homba anareo mandrakariva.

Ny Fikambanana FIZAFA, ry Havana dia fikambanana ivondronan'ny zanaky ny Fiangonana FJKM AMBATOTOKANA FITIAVANA AMBOHIMANGAKELY ANTANANARIVO. Miara miasa amin'ny Renim-piangonana eny an-toerana ny FIZAFA amin'ny sehatr'asa isan-karazany ho fanamafisana orina ny fanjakan'Andriamanitra eny an-tanindrazana.

Ireto avy ny asa efa notanterahina tamin'izany:

-fanamboarana ny fefi-tamboho sy ny vavahadin'ny Tranom-piangonana
-fividianana fitaovana ilaina amin'ny fanompoam-pivavahana sy ny fanadraisana fanasan'ny Tompo: vera-pandraisana, plateau, coupe, pilpitra, lamban-databatra, ets.......
-fampianarana Soratra Masina ny Mpikambana miaraka amin'ny Ray amand-dReny Mpitandrina
-fandraisana anjara amin'ny asa fanitarana sy fanatsarana ny Tranompiangonana izay mitentina 60.000.000 fmg ny sarany (jereo ny boky mikasika an'izany).

Ankehitriny ry Havana dia mbola mitohy ny asa ,anisan'izany ireto tetik'asa ireto:

1-fividianana fitaovana fanamasinam-peo ilaina amin'ny fanompoam-pivavahana:

| | |
|---|---|
| -baffles paires (250W) | : 1.250.000 fmg |
| -table de mixage (4entrées micro et 4 auxilliaires | : 1.450.000 fmg |
| -micro cravate | : 250.000 fmg |
| -micro sans fil | : 375.000 fmg |
| -amplificateur (2x80W) | : 1.750.000 fmg |
| Totalin'ny fitaovana | 5.075.000 fmg |

2-fanatsarana ny tokontanim-piangonana (dallage en pierre plate) : 2.000.000 fmg

3-fandraisana anjara amin'ny famitana ny asa fanitarana sy fanatsarana ny tranom-piangonana:10.000.000 fmg ,izay vola sisa mbola tadiavina amin'ireo 60.000.000 fmg ilaina.

Mitotaly eo amin'ny 17.075.000 fmg, ry Havana ny vola ho enti-manana amin'ny fanantanterahana ny tetik'asa voalaza etsy ambony. Tsy misalasala izahay ny mandom-baravarana anareo Havana mpianakavin'ny finoana eto Soisa amin'ny alalan'ity taratasy ity mangataka fanampiana izay azonareo hatao. Isaorana mialoha amin'ny fandraisanareo anjara.

Ny fanampiana dia azonareo omena an-dRamatoa ANDRIAMANGA Christine , mpikambana FIZAFA, mandalo eto Soisa na alefa amin'ny Kaonty bancaire ny Fiangonana na amin'ny adiresy voalaza etsy ambany :

FJKM AMBATOTOKANA
BFV/SG Antanimena Antananarivo
N°0003-05004 – 00006.8.

- ANDRIAMAHERY RALITERA
Prezidan'ny FIZAFA
Lot III PR 94 A Alarobia Amboniloha
ANTANANARIVO
(TEL /261-20-22 423-83
e.mail : dgagf@dts.mg )

Manantena ny fiaraha-miasa aminareo ary manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'ny Tompo.

Antananarivo faha 23 Janoary 2003

**Ny Prezidan'ny FIZAFA**

**ANDRIAMAHERY RALITERA**




# EZAKA
# FANITARANA RIHANA
# SY
# FANATSARANA NY ATINY SY IVELAN'NY FIANGONANA

## (07/09/03 - 25/01/04)

***"Ho avy izahay handrafitra ny tranon'i Jehovah Tompon'ny maro, Andriamanitray"***

***Hagay 1,14***

# FAMPATSIAHIVANA

## FOMBA ANOMEZANA NY ANJARA BIRIKINAO

*Androany Alahady 3 Aogositra 2003*

- Azonao atao ny mandatsaka dieny izao ny valopy misy ny anarana sy adiresy miaraka amin'ny vola na chèque izay anjarabirikinao.
- Na koa **raha mbola tsy nivonona ianao androany dia :** arotsay ihany ny valopy misy ny anarana sy milaza izay lela-vola na fitaovana kasainao omena ho anjarabiriky. Amin'ny manaraka ianao vao mandefa io vola na fitaovana io any amin'ny iray amin'ireto adiresy ireto :
  - Pasteur RAZAKANAIVO Jean Pierre • Ambatotokana • Tél : 030 23 813 10
  - Atoa RAVELOSON Tahiana • TECMACO (akaikin'ny Soloprix) • Tél : 22 337 54 / 033 11 881 62
  - Atoa RAVOAVAHY Herinirina • NEWPRINT Ankorondrano • Tél : 22 333 35 / 033 11 863 35
  - FJKM Ambatotokana - BFV/SG Antanimena N° 03/ 05004-00006.8

*hisy ny rosia fanamarinana*

## FANOKAFANA NY ASA

*Alahady 07 Septambra 2003 amin'ny 9 ora sy sasany*

Fanompoam-pivavahana hiderana an'Andriamanitra ho fanombohana ny ezaka.

## FANOKANANA IREO ASA VITA REHETRA

*Alahady 25 Janoary 2004 amin'ny 9 ora sy sasany*

- Fanompoam-pivavahana ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny fahavitan'ny ezaka rehetra niarahan'ny Fiangonana sy ny Zanak Ampielezana natao :
  - Trano vadim-piangonana
  - Akany
  - Trano fivoahana
  - Tamboho manodidina sy ny vavahady
  - Fanatsarana ny tokotany
  - Fanatsarana ny Fiangonana atiny sy ivelany (rindrina, tafo, varavarana, alitara, polipitra)
  - Fanitarana ny rihana
- Fizarana Mari-pankasitrahana